## 3- NY DIDIM-PANANANA AMPAHIBEMASO :

- Manao fanambarana ny mpanao didim-pananana eo anatrehan'ny **notera** na any amin'ny **mpirakiteny mpiasam-panjakana mpanato soratra (Chef d'Arrondissement Administratif na ny Lehiben'ny mpirakidraharaham-pitsarana)**, izay mandray an-tsoratra ny fanambarany,
- Atrehan'ny **vavolombelona roa(2)**,
- Tsy maintsy vakiana ho ren'ny mpanao didy sy ny vavolombelona izay voasoratra alohan'ny anaovan'ny rehetra sonia.

**Tombony :**
- Manan-kery avy hatrany raha tsy voaporofo mazava fa nisiana hosoka,
- Voaaro kokoa amin'izay mety ho fahaverezana

**Tsininy :**
- Misy vola aloa ny fanaovana azy,
- Marobe ireo fepetra izay mety mahafoana azy raha toa ka tsy voahaja

## 4- NY HAFATRA FARAN'NY MATY :

- Tsy didim-pananana akory fa **fanambarana ny sitrapo faran'ny maty,**
- Ny tanjona dia ny mba **hizarana ny fananan'ny maty amin'ireo zanany sy taranany,**
- Tsy maintsy olona efa ambavahaonan'ny fahafatesana no manao fanambarana ary antsoina manatrika eo ny **Sefo Fokontany** na **ny olo-be eo an-tanàna** miaraka amin'ny **vavolombelona 4** (2 fianakaviana ary 2 olona ivelany),
- Rehefa maty ilay mpanao fanambarana dia mila mandeha any amin'ny **notera** na **mpirakiteny mpiasam-panjakana mpanato soratra (Chef d'Arrondissement Administratif na ny Lehiben'ny mpirakidraharaham-pitsarana)** ny olona nandray ny fanambarana mba hanoratana ny haha-to izany.
- Raha toa ka tsy nanao didy miafina ilay mpanao fanambarana, ny hafatra faran'ny maty dia mitovy sanda amin'ny didim-pananana ampahibemaso.

# FANAFOANANA DIDIM-PANANANA

## 1- ANTONY METY MAHATONGA IZANY:

- Ny tsy fanajana ireo fepetra takian'ny lalàna,
- Ny fisian'ny hosoka tamin'ny fandrafetana ilay didy,
- Ny fifanoheran'ny votoatin'ny didim-pananana amin'ny fomba amam-panao

**Oh :** Fandidiana hanome ny fananana ho an'ny zaza teraka ivelan'ny fanambadiana izany hoe teraka tanaty fijangajangana sns…

## 2- PAIK'ADY ARAHINA :

Raha fangatahana fanafoanana dia eo anatrehan'ny **Fitsarana ady madio** no hitondrana ny raharaha fa raha hitory noho ny hosoka dia entina eo anatrehan'ny **Fitsarana ady heloka**,

> **Fitsarana ady madio :**

- Mampiditra **taratasy fangatahana** alefa amin'ny Lehiben'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany **misy ny toerana nanaovana ilay didim-pananana,**
- Ireto avy farafahakeliny no tsy maintsy hita ao anaty taratasy fangatahana : anarana feno sy adiresy mazavan'ny mpangataka, ny antony angatahana ilay fanafoanana, ary daty sy sonian'ny mpangataka ;
- Apetraka ao amin'ny lehiben'ny mpirakidraharaha ny fangatahana miaraka amin'ny porofo entina hanamafisina ny fangatahana fanafoanana.

> **Fitsarana ady heloka :**

- Fitoriana ho nanao hosoka no atao ;
- Alefa amin'ny zandary na polisy na avantana amin'ny Tonia Mpampanoa lalàna ao amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany **misy ny toeram-ponenan'ny olona toriana** ho nanao ilay hosoka, na **ny toerana nanaovana ilay hosoka** na **ny toerana nisamborana ilay mpanao hosoka sy ny mpiray tsikombakomba taminy.**

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# NY FANDOVANA MISY DIDIM-PANANANA
# (SUCCESSIONS TESTAMENTAIRES)

**LALANA MIFEHY**

And.25 hatramin'ny 57 amin'ny lalàna laharana faha 68-012 tamin'ny 04 jolay 1968 mikasika ny fandovana, ny didim-pananana ary ny fanolorana

## NY DIDIM-PANANANA :

- **Didy navelan'ny maty** hamaritra mialoha ireo ho tompon'ny fananany aorian'ny fahafatesany,
- Noho izany, dia afaka mamindra tànana ny fananany manontolo na ny ampahany amin'ny alalan'ny didim-pananana amin'ny fotoana izay tsy ahavelomany intsony ny olona iray,
- Afaka ovain'ny tompony foana ny didim-pananany mandra-pahafatiny.

## INONA NO ANTONY HANAOVANA DIDIM-PANANANA ?

- Hanondroina izay na ireo omena ny fananana amin'ny ampahany na manontolo,
- Hizarana amin'ireo taranaka sy ireo ray aman-dreny nipoirana ny fananana,
- Hamaritana izay fomba atao amin'ny fandevenana ilay mpanao didy,
- Hanalana taranaka tsy ho isan'ny mpandova sns…

## FEPETRA MIKASIKA ILAY MANAO DIDIM-PANANANA :

- Olona salama saina,
- Manan-jo araka ny lalàna,

## IZA AVY NO AFAKA OMEN'ILAY MPANAO DIDIM-PANANANA NY FANANANY ?

**Masi-mandidy** amin'ny fananany ny olona iray ka **afaka misafidy izay olona tiany** hamindrany izany :

- Ny zanany iray na maromaro,
- Ny ray aman-dreniny na ny raibe sy renibeny, na ny havany,
- Na olon-kafa mihitsy ivelan'ny fianakaviany,
- Na karazana fikambanana ihany koa,
- Eny fa na ny zanany efa nariany aza.

## INONA AVY IREO KARAZANA DIDIM-PANANANA ?

Misy karazany **3** ny didim-pananana, fa misy ihany koa ny atao hoe« **hafatra faran'ny maty** »

### 1- NY DIDIM-PANANANA NOSORATAN'NY MPANAO DIDY na OLOGRAFY :

- **Sora-tànana** fenon'ny mpanao didim-pananana misy **daty** sy **soniany**,
- Apetraka any amin'ny **notera** na any amin'ny **mpirakiteny mpiasam-panjakana mpanato soratra (Chef d'Arrondissement Administratif na ny Lehiben'ny mpirakidraharaham-pitsarana)**, na koa any amin'ny **olon-tsotra.** Raha napetraka any amin' ity farany dia mila asehony ny Filohan'ny Fitsarana ny didim-pananana mialohan'ny hanatanterahana azy,

**Tombony :**
- Tsy misy endrika manokana ny fandrafetana azy,
- Mora rafetina,
- Tsy mandany vola,

**Tsininy :**
- Misy vola aloa ny fanaovana azy,
- Marobe ireo fepetra izay mety mahafoana azy raha toa ka tsy voahaja

### 2- NY DIDIM-PANANANA MIAFINA :

- Na sora-tànan'ny mpanao didim-pananana na sora-tànan'olon-kafa na natao « saisie » mihitsy aza fa **tsy maintsy soniavin'ilay mpanao didy**,
- Apetraka any amin'ny **notera** na any amin'ny **mpirakiteny mpiasam-panjakana mpanato soratra (Chef d'Arrondissement Administratif na ny Lehiben'ny mpirakidraharaham-pitsarana)**, miaraka amin'ny **vavolombelona roa (2)** izay fianakavian'ilay mpanao didim-pananana no tena tsara,
- Atao anaty valopy ary asian'ny notera na mpirakiteny mpiasam-panjakana mpanato soratra **fitombokase** avy hatrany,
- Mandrafitra taratasy filazàna ny fametrahana izany ilay notera na mpirakiteny mpiasam-panjakana mpanato soratra, izay **soniaviny miaraka amin'ny mpanao didim-pananana sy ny vavolombelona,**

**Tombony :**
- Voaaro kokoa amin'ny mety ho fahaverezana,
- Tsy voatery ho mahay mamaky teny sy manoratra ilay mpanao didy

**Tsininy :**
- Mandany vola kokoa,
- Marobe ireo fepetra tsy maintsy hajaina mba hampanan-kery azy